# …Manampy azy ireo ho « teraka sy hateraka indray »…

## MASERA MARIE CHRISTINE (– LYON – FRANTSA)

**…miasa amina ivon-toerana ara-panahy inisianina…**



4 taona izao, miasa amina ivon-toerana ara-panahy inisianina aho ary mandray anjara amin'ny fanentanana : matsom-panahy, fiofanana, fitantanana… Asam-panirahana tena ahitana tranga isan-karazany. Tamin'ireo matsom-panahy farany nandritra ny fotoam-pahavaratra : matsom-panahy ho an'ny **'safidim-piainana'**.

Mitantana **matsom-panahy 'safidim-piainana'**, dia voalohany indrindra mamaky izay manentana ireo izay nanoratra ny hetahetany, ny fanontaniany. Eo anelanelan'ny 25 sy 38 taona ireo izay notantanako farany.

Iza ireo tanora ireo ? Mpianatra na tanora efa miasa, matetika sanganehana eo amin'ny faniriana hanara-dia an'i Kristy sy ireo zavatra maro manodidina misarika azy. Fantany fa marefo izy ireo, mazàna mora resy lahatra, nefa koa malala-tànana, manontany tena ahoana no ampiasany ny talentany ho an'ny fanompoana ny fiaraha-miaina tsaratsara kokoa.
Tovolahy iray tamin'izy ireo manontany tena raha antsoin'ny Tompo amin'ny fanambadiana izy na amin'ny fanokanan-tena. Tena velona, fijery mahitsy sy feno fahatokisana. Taorian'ny savorovoro vitsivitsy tamin'ny fialan-tsakany, nahavita tsara ny fianarana ambony mikasika ny lalàna izy. Hoy ny fanontaniako : « *Ary nahoana raha Pretra diosezana* »? Nanjary hendratra ny tarehiny. Mazava ny valin-teniny : « *tsapako ho voantso ho 'frera' aho fa tsy 'pretra'. Mino ny maha zava-dehibe ny fiainana kôminôte sy ny fahitan'izao tontolo izao ankehitriny*». Miahotra izy ny mijoro miaraka amin'ireo namany tsy miaina ny finoany. « *Mety ve izaho te hanome ny fiainako ohatra izany… tsy toy ny orin'asa misandratra ny Fiangonana, sa tsy izany masera ?* »

Tovovavy iray hafa, taorianan'ny firotsahana an-tsitra-po amin'ny fanampiana olona nandritra ny 8 taona, mitady ny hahalala raha miantso azy amin'ny fiainan-drelijiozy apôstolika ny Tompo na amin'ny làlan'ny tokan-trano. Manaitra azy ny Tenin'Andriamanitra.Miaina andrana marina ny fanakakaizana an'i Kristy izy. Mapihetsi-po azy ny fivavahana maraina (vavaka maraina ao amin'ny Lasapely) toy ny ainga iombonana manampy azy hizotra an-dàlana.

Tsy afaka ny hitantara ny rehetra aho fa izay manaitra ahy ihany, amin'ireo tanora izay tantanako ireo, ny fahatsorany, ny faniriany mafy ho amin'ny sori-dàlam-piainana misy heviny. Matahotra izy ireo mazava loatra, ary hainy ny mitanisa ireo fa matoky ihany koa an'Andriamanitra sy ireo olona mitantana azy ka ahazoany fanampiana sy fandinihana ka mandresy ny tahotra.
Ho ahy dia mila ny fomba ihainoana ny Fanahy izay mitarika azy ireo sy mampiomana azy ireo amin'ireo ady hatrehina rehefa mpianatra sy mpanompo. Izany hoe, manampy azy ireo ho **« teraka sy hateraka indray ».**